LOCAL GOVERNMENT INSTITUTIONAL CASE STUDY
RURAL COUNCIL OF AMBOHIMIRARY

Lohanteny: "Kaominina Ambohimirary: Ivo-toerana mendrika"

Ben'ny Tanana "Nanampy ahy tamin'ny fitantananako ny kaominina ny fampandraisana anjara ny vehivavy"

Mombamomba ny kaominina

Firenena	**Madagasikara**
Kaominina	**Ambohimirary**
Karatr'isa voalahany	**49**
Karatr'isa farany	**55**
Mponina	**13 000**
Mampiavaka Manokana	**Anisan'ireo kaominina saro-dalana ao anatin'ny faritra Analamanga**
Tompon'Andraikitra	**Honoré RASOLOFOHERISON**
Andraikitra	**Ben'ny Tanana**
Finday	032 83 865 37
Mailaka	rasolofoherisonhonor@yahoo.fr

Ambohimirary dia kaominina ambanivohitra ao anatin'ny distrikan'Ankazobe, faritra Analamanga. Anisan'ireo kaominina saro-dalana io kaominina io ka ny moto no fitaovam-pitaterna ampiasain'ny olona matetika. Efa naira-niasa tamin'ny fandaharan'asa SAHA izy ary nanomboka tamin'ny 2011 izy no niara-niasa tamin'ny Gender Links. Efa nanatrika ny fihaonambe an-tampony tamin'ny 2012, manana drafitrasa momba ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra ary efa nahavita ireo dingana 1-10 amin'ny maha ivo-toerana mendrika azy.

Aminin'ny maha kaominina efa niasan'ny SAHA azy dia efa nanana paik'ady momba ny miralenta ny kaominina. Na dia izany aza dia anisan'ny tena nananampy ny kaominina ny fiaraha-miasa tamin'ny Gender Links satria nahatsapa ny mponina fa nisy akony teo amin'ny fandraisana anjaran'ny vehivavy ny fiofanana izay nomen'ny Gender Links.

Manana fokontany fito ny kaominina ary efa samy manana rano fisotra madio avokoa.

Lalana Ambohimirary

Anisan'ny tena nimasoan'ny kaominina ny resaka fampianarana satria na dia kaominina vaovao azy izy dia isan'ireo kaominina manana toeram-pianarana misy efitra roa izay mbola tsy ampiasaina. Manampy ny kaominina ihany koa ny tompon'andraikitry ny fahasalamana satria tafiditra ao anatin'ny fandaharam-pampianarana ny resaka fahasalamana ara-pananahana, fandrindram-pitehana sy ny VIH/SIDA. Nahitana tombony izany hetsika izany satria efa tsy dia fahita intsony ny vehivavy mitsoaka an-daharana noho ny vohoka tsy nirina.

Anisan'ny mampandroso ny kaominina koa ny fananany fikambam-behivavy "Miralenta", izay mandray andraikitra manokana amin'ireo olana madinidinika izay azo vahana eo an-toerana toy ny olana ara-tokatrano. Io fikambanana io dia manana hetsika atao mba hanampiana ny vehivavy hampidi-bola amin'ny alalan'ny fiompiana "akoho gasy" ary ny kaominina dia manampy azy amin'izany.

Anisan'ny sompotry ny faritra analamanga ihany koa ny kaominina amin'ny famokaram-bary, voa maina toy ny saramaso, hanikotrana toy ny mangahazo, vomanga, sns.

Fanamby nataon'ny kaomina ny fampidirana ny miralenta ao amin'ny teti-bola 2012-2013 izay ho atokana amin'ny ady amin'ny herisetra, izany hoe: raha misy olona voaolana, voaratra, tsy manan-kialofana, manana olana ara-tokantrana dia mandray andraikitra ny kaominina. Nisy koa ny fananganana vondrom-behivavy mitovy fijery ka hanara-maso io lisitra io amin'ny antoko izay misy azy avy.